ANDRO IRAISAM-PIRENENA HOAN'NY VEHIVAVY
08 MARSA 2011
HAFATR'I RAMATOA LALAO RAVALOMANANA

Endrika sariaka, fo feno fitiavana, fanahy misaotra an'Andriamanitra Ray mandrakariva, amin'ny anaran'I Jeso Kristy Tompontsika, no iarahabako antsika vehivavy rehetra androany Talata 08 marsa, 2011.

Ny fankalazana ny 8 marsa, Andro iraisam-pirenena ho an'ny Vehivavy amin'ity taona 2011 ity, dia manana ny lanjany manokana, satria feno zato taona amin'ity taona diavintsika ity, ireo fihetsiketsehana voalohany nataon'ny Vehivavy eran-tany momba ny tokony ialàna amin'ny fanavakavahana sy ny fanaovana an-kilabao ny vehivavy amin'ny ankapobeny, indrindra eo amin'ny tontolon'ny asa.

Hanohy ny ezaka efa vita isika, satria ny Vehivavy Malagasy tsy miraviravy tanana ary tsy kivy. Mbola tia filaminana izy, ary mbola reharehany ny fifikirana amin'ny soatoaviny toy ny Fihavanana, ny Firaisan-kina ary ny Tsy misara-mianakavy.

Ramatoa Lalao Ravalomanana

Fantatro sy hitako fa ny vadiko, ny Filoha Marc Ravalomanana dia tsy mitandro hasasarana, ary tena vonona ny hody aty Madagasikara hitondra ny anjara-birikiny hanatsarana hatrany ny hoavin'ny mpiray tanindrazana. Hamerina ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna. Ary hanangana hoavy mendrika sy tena vanona, indrindra hoan'ny reny fototry ny Firenena, ny vehivavy rehetra, ary ny ankizy.

Ny lohahevitra momba ny ***fanatsarana ny asan'ny Vehivavy eran-tany, ho asa tsara sy mahavelona (travail décent), amin'ny alalan'ny fanabeazana (éducation) sy fiofanana (formation) ary fifehezana ny siansa sy ny teknolojia*** takian'ny asa sy ny fiainana amin'izao fe-potoana diavintsika izao, no isarihan'ny Firenena Mikambana ny hetsika rehetra ankalazàna ny 8 marsa, Andro iraisam-pirenena ho an'ny Vehivavy, amin'ity Taona 2011 ity.

Raha tarafina amin'io lohahevitra mampifamatotra ny fanabeazana tokony omena ny vehivavy sy ny asa tsara sy mahavelona tokony ananany io, ny zava-misy iainan'ny vehivavy eto Madagasikara dia hita avy hatrany, fa tena latsaka an-katerena ny Firenena sy ny vehivavy ankehitriny, satria ny asa tsy misy, ary ny fanabeazana tsy zarizary.

Fantatra koa anefa, fa na eo aza izany ady mafy atrehiny izany, dia tsy mikely soroka na milavo lefona akory ny vehivavy malagasy, fa mbola mampiseho hatrany, ary amin'ny fomba maro samihafa, fa **hery sy fanoitra** mbola ianteheran'ny ankohonana sy ny Firenena hatrany izy.

Amin’ny maha vehivavy afrikana antsika dia manana adidy isika hanohana hatrany ny asa tsara atao sy vitan’ny lehilahy. Manana adidy koa isika hankasitraka ny ezaka mampitolagaga vitan’ireo vehivavy toa antsika. Manana adidy ihany koa isika hanararaotra izao fotoan-tsarotra izao mba hikatsaka izay mahasoa kokoa ny Tanidrazantsika.

Koa amin’izao Datin’ny 8 Marsa Andro iraisam-pirenena ho an’ny Vehivavy izao ary, dia sady midera sy manandratra ny herim-po ananany izy ireo izahay, no mankahery azy ireo, eram-po eran-tsaina. Mahaleova mahalasana, ry reny sy rahavavy malala!

Homba antsika mandrakariva Andriamanitra!